



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fivavaha • Tanindrazana • Fandrosoana

FIADIDIANA NY REPOBLIKA  
FAMPITAM-BAOVAO

**Fanamboarana ny lalana Ambilobe-Vohemar : « hanomboka ny asa ary tsy hijanona raha tsy vita hatramin'ny farany »**

« Tsy honohono intsony ny fanamboarana ny lalana Ambilobe-Vohemar. Hanomboka afaka andro vitsy izany ary tsy hijanona raha tsy vita tanteraka » hoy ny filoha Andry Rajoelina raha avy nanatrika ny fanaovan-tsonia ny fifanarahana lasitra entina hanamboarana ny lalana mampitohy an'Ambilobe sy Vohemar teny amin'ny lapampanjakana lavoloha, androany 10 aprily 2019. Fanaovan-tsonia, izay nataon'ny mpiandraiki-draharahan'ny masoivohon'i Chine eto amintsika, Atoa. Chen Xiaolei sy ny ministry ny raharaham-bahiny, Atoa.Naina Andriatsitohaina. Fanamboarana lalana mirefy 150km mampitohy an'Ambilobe sy Vohemar, izay mitentina 155tapitrisa dolara no voarakitra ao anatin'ity fifanarahana lasitra ity. 50 taona lasa izay no tsy nisian'ny fanajariana ity lalana ity, ary nampitaraina fatratra ireo olona tsy maintsy mandeha amin'iny faritra iny. Ho afak'olana noho izany ireo mpandeha amin'ity lalana ity ary hitondra fampandrosoana ho an'ny faritra DIANA sy SAVA ary ny toe-karena ankapobeny ihany koa izany. Ireo faritra ireo izay manana harena voajanahary maro toy ny volamena, vanilla, jirofo, cacao.

Fiadidiana ny Seraseran'ny Repoblika  
10-04-2019